



# MALAZA

N° 11 / Desambra 2016 / [www.atd-quartmonde.org](http://www.atd-quartmonde.org)

## MATOAN-DAHATSORATRA

### Dia mitohy foana ny tantara ...

Hatramin'ny fiantombohan'ny fanamboaran-dalana ho an'ny Fihaonana faratampon'ny Firenena miteny frantsay, dia amin'ny alina ihany no mitatitra ny fakon'ny orinasa ny fiarabe mba hahafahan'ny mpitaona tany anotofan-dalana mivezivezy ny antoandro. Zara raha matory, noho izany, ny fianakaviana eny Andramiarana fa miandry ny fandalovan'ireo fiarabe ireo. Talohan'ny 17 Oktôbra dia mba nisy vitsivitsy ihany nandalo ny antoandro. Sahiran-tsaina ny fianakaviana : hijanona hitady hanin-kohanina ve sa hamonjy ny 17 Oktôbrana ? Na teo aza izany dia nanapa-kevitra nandeha tany ihany ry zareo.

Ny 22-27/11 no nanatontosana ny Fihaonana fara-tampony teto Antananarivo. Tsy resahina insony izao ny fanamboaran-dalana. Nanapa-kevitra manko ny Governemanta fa haato aloha io ka dia manohy ny fiainany andavanandro ny mponina, saingy haharitra hafiriana izany? Dia hiaina anaty tebiteby lava izao ve ny fianakaviana?

*Marcelline Ramanantsara*

### Akon'ny 17 Oktôbra



*Ny mpiantsehatra eo ambony lapihazo*

#### Antananarivo

Na eo aza ny fahasahiranana amin'ny fiainana andavanandro dia tonga marobe teo amin'ny tany malalaky ny Lapan'ny tanànan'Antananarivo ny fianakaviana ny 17 Oktôbra tamin'ity taona ity. Nisafidy ny haneho ny tantaram-piainany tamin'ny alalan'ny tantara an-dapihazo ry zareo. Fianakaviana 8, namana mpiara-dia 3, sakaiza 1 ary mpirotsaka antsitrapo 1, rehefa namerimberina imbetsaka, dia faly naneho azy an-tsehatra ny andron'io, nampirehareha ny fianakaviana koa ny nandre ny tantaram-piainany tamin'io fampisehoana io.

Vako-drazana nataon'ny Tapori no nialoha io tantara an-tsehatra io ary fahatsiarovana io Andro io no namaranana ny fotoana. Tonga nanatrika teo ny solontenan'ny ministera sy andrim-pitondrana maro, ONG sy Fikambanana 17 no niaraka taminay nankalaza io *Andro Iraisam-pirenena Amongorana ny fahantrana lalina* io, nampiseho ny firosahany tamin'ny alalan'ny fampirantiana.

#### Toliara

Nanao diabe ny mpikambana sy ny fikambanan'ny mahantra tarihin'Andriamatoa Salimo ao Toliara. Nisy famelabelaran-kevitra notarihin'i Naina, Dadaly ary Eric tao amin'ny efitrano fanaovam-pety mikasika ny lohahevitra naroso tamin'ity taona ity. Nanao fijoroana vavolombelona ny fianakaviana vitsivitsy avy amin'ny ATD Quart Monde. Mihevitra ny hankalaza ny faha-20 taona niorenan'ny Fikambanana tany Toliara koa ry zareo amin'ny 2017, tafiditra tsara ao anatin'ny fankalazana Iraisam-pirenena io hetsika io.

## Mahajanga

Mpikambana vitsivitsy, ankizy mpamaky boky sy ireo ray aman-dreniny no nihaona teo an-tokontanin'ny biraon'ny Fikambanana ao Ambalavola mba hanome voninahitra ireo maty noho ny fahantrana lalina, ny herisetra ary ny hanoanana ny Asabotsy 15 Oktôbra.



## Fandraisana mpiana-draharaha 4



Herinandro vitsivitsy izao no nandraisan'ny Ekipan'Antananarivo mpiana-draharaha 4 hiasa tapak'andro mandritra ny 6 volana hamantatra lalindalina kokoa ny Fikambanana (I Gina efa nanomboka hatramin'ny Oktôbra).

Misy amin'izy ireo ny efa mpikambana hatry ny ela fa misy kosa ny mbola vaovao. Samy handray anjara amin'izay sahan'asa misy ato amin'ny Fikambanana ny tsirairay amin'izy ireo.

Irariansika ny firosoany lalindalina kokoa amin'ny firosahany !

Avy any an-kavia miankavanana : Jean-Marc, Ambinintsoa, Gina, Jocelyne

## Tetikasa fianarana maka sary miaraka amin'ny Fikambanana STENOP'ART

**“Ny tontolo iainanana sy ny fiovaovan'ny toetr'andro”**: io no lohahevity ny atrikasa tamin'ny fiofanana maka sary nandraisan'ny ankizy TAPORI 8 avy eny Antohomadinika sy BDR 8 avy eny Andramiarana, herintaona izao. Maka sary amin'ny alàlana boaty tsotra apetraka eny amin'ny tany misy taratatsy misoratra hoe: “Stenopé” ary atodika any amin'izay zavatra tiany halaina sary ry zareo. Nampitombo ny fahaiza-mamorona, ny haikanto, ny hevity ny fiarovana ny tontolo iainana, ary nanamafy orina ny finamanany sy ny fifanampiany io atrikasa io.



Anisan'ny naranty teny amin'ny Alliance Française ny sary vitan-dry zareo ny volana Nôvambra lasa teo. Nitety an'i Madagasikara io fampirantiana io mandritra ny volan'i sary. Tonga nanatrika ny fitokanana ny ankizy vitsivitsy sy ny ray aman-dreniny. Hoy i Nirina, zaza 10 taona avy eny Andramiarana: *“Raha mijery ny famoronana nataoko, aranty miaraka amin'ny an'ny matihanina aho, dia mirehareha tokoa ary manome hery ahy hiezaka amin'ny fianarako izany”*.



## Fanadiovana ny tanànan'Antohomadinika

Hoy Fanomezanjanahary Nirina Nathalie " Sady tsara no maha-te-ho tia ny tanàna madio. Tena nahafinaritra ny zavatra nataon i Lamine, manampy sy manoro izy.

Teto amin'ny faritra misy anay dia nivoaka daholo ny olona, nifanampy. Ny tanjony tamin izany dia ny hanasoa ny tanàna. Tsy dia misy loatra izao ny marary, tsy nisy koa ny tondra-drano ary tsy dia misy fako be loatra intsony. Hiaro ny tanàna amin'ny fako izahay. Tohizana ny fiaraha-miasa satria ilaina. Na tsy hisy intsony aza ny olona hiaraka aminay dia tokony hitohy hatrany ny asa raha misy ny firaisan-kinan'ny mponina. Diovana ny "canal" esorina ny fako ao anatiny mba tsy ho tsentsina. Atao avoavo ny sisiny, amin'izay dia tsy mihoatra ny rano maloto. Misaotra anareo fa nahomby ny natao, misaotra indrindra"



## Fiaraha-miasa tamin'ny MMM



Ny fiaraha-miasa akaiky tamin'ny mpanao asa tanana MMM sy tanora mpamorona 5 avy amin'ny vondrona TARAJAVA, notohanana ny OIF, no nahafahana namokatra karazana asa tanana naranty tamin'ny Fihonana faratampon'ny Firenena miteny frantsay teny amin'ny CCI Ivato ny 22-27 Nôvambra 2016. Niaraka ry zareo naminavina io karazana asa tanana mampifangaro ny soatoavin'ny firaisan-kina sy ny fiarovana ny tontolo iainana io, amin'ny fampifanarahana izany amin'ny fivoarana.

Hoy ny mpanao asa tanana roa vavy nandritra ny fanaovana tombanezaka an'io tetikasa io: " Nitondra fisokafana goavana ho anay teo amin'ny lafiny fampandrosoana ny varotra eto an-toerana iny fiaraha-miasa iny. Nananjara izahay niresaka tamina filoham-pirenena sy solon-tenampanjakana vahiny. Na teo aza ny ezaka goavana tsy maintsy natao tamin'ny fanatrarana ny kaomandy, dia nahatsiaro sambatra izahay satria fantatray ankehitriny fa ankafizin'ny olona ny zavatra vokarinay, saika lafo daholo ny entana rehetra".

## Fitokanana ny « CLIC ATD Quart Monde »

Ny 06 Desambra, ny ATD Quart Monde Madagasikara sy ny Trait d'union France Madagascar –[www.trait-d-union.org](http://www.trait-d-union.org)– no nanao sonia ny fifanaraham-piaraha-miasa mikasika ny tranomboky Fanovozantsoa Joseph WRESINSKI, izay antsoina ihany koa hoe CLIC-ATD Quart Monde (Foibe Famakiam-boky sy Fiofanana ary Kolontsaina) faha-25 amin'ny tambazotran'ny CLIC eto Madagasikara. Io fiaraha-miasa io moa dia mba hahafahana manavao tsikelikely ny boky ho an'ny mpamaky (boky 1.000 vaovao no efa azo) sy ny hahazoan'ny mpiandraikitra ny tranomboky hisitraka fiofanana samihafa.



Fanaovan-tsonia ny fifanekena

Nisy ihany koa fifanekem-piaraha-miasa nifanaovan'izy ireo tamin'ny Sekoly Fanabeazana Fototra eo an-toerana sy ny mpampianatra ao mba ho afaka hamaky boky ny mpianatra ary ho tafiditra ao anatny fandaharam-potoanany izany sady ampiarahina amina fandaharam-panentanana manokana.

## Fitsidihana tany Toliara

Nandeha tany Toliara ny mpikambana 3 avy eto Antananarivo: i Arsène, i Philippe ary i Amélie, niaraka tamin'i Alain FANCHON, solontenan'ny Faritra ATD Quart Monde Oseanina Indianina ny 29/11-04/12. Fotoana natokana hahafantarana bebe kokoa ny mpikambana any Toliara io, indrindra ho an'i Alain. Maro ny fihaonana nifanaovan-dry zareo tamin'ny Ekipa mpanentana sy ny mpitam-bola mikasika ny fizotry ny Fikambanana taorian'ny fandehanan'i Gaudefroi nisotro ronono. Nisy fivoriana niarahan-dry zareo tamin'ny mpikambana rehetra indray tolakandro ary famangiana fianakaviana vitsivitsy tamina kartie 4 samy hafa izay nifampizaràna vaovao, ahiahy sy tebiteby ary nifanantenana mikasika ny hetsika 2017...

Nisy koa fotoana nihaonana tamin'i Gaude sy ny fianaka-

-viany nisaorana azy tamin'ny firosahany sy tamin'ny fanolorany ny fiainany rehetra hanoherana ny fahantrana lalina niaraka tamin'ireo niaina izany.



## “An-tsitrabo tanteraka”

Nitambatra ny taona,  
Ka tonga manoloana  
ny fisotroan-dronono

Ry Gaude havanay  
mankasitraka izahay

Fa mamy koa raha mamy ny firosahanao  
Amin'ny ATD Quart Monde izay lalainao

Nampahery hatrany ianao  
nihaino am-pitandremana sy tamin'ny fo tokoa  
'reo fianakaviana sahirana izay tsy foinao  
fa voatety isam-baravarana ka samy afa-po

Niasa ianao ka niasa  
Nanefa izay kinasa  
Na tany am-piaramonina  
Na tany am-piangonana

Finoana arahin'asa  
no itarafana ireny vitanao ireny  
Sy ireo karazan-tetikasa  
nilofosanao ombieny

Tao ny sedra maro,  
ny mangidy sy ny sisa  
Fa nampianao 'lay laro  
Mampahery fo marisa

*Dia ny finoana an'Andriamanitra.*

Tsiahivina ihany koa  
Ny anao ny vady aman-janaka  
Izay niara-nikaon-doha  
Nanohana sy nikolo fatratra  
ny Fikambanantsika.

Indro ianareo nanandratra  
ny toe-tsaina sy faneva  
Najoro sy natsangan'  
I Mompera Zozefa

*Koa ankehitriny,*

Isaoranay ny soa  
sy ny fandavan-tena  
Nataonao tamin'ny fo  
sy am-panetren-tena

*Tsy mba nilanao tambiny*

Fa firosahana amin'ny fo  
Ka niasa ianao tsy reraka  
Niezaka nanasoa  
An-tsitrabo tanteraka.

*...Misaotra ka misaotra ...*



*Nirilanto Rasolozaka*  
(mpikanbana  
ao amin'ny tanora ATD QM)